HENOY IZAO!



Lesona 7 hatao ny 15 Novambra, 2026













"Ary izany dia nanjo azy mba ho anatra, sady voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan'ny faran'izao tontolo izao"

(1 Korintiana 10:11)





Nanandratra ambony ny fenitry ny fitsipi-pitondran-tena ireo mpaminany ao amin'ny Baiboly, sady nitarika ny olona ho amin'ny fanoloron-tena tanteraka ho an'Andriamanitra, ary nampitandrina ny amin'ny ota, sy nanome fampiononana ary fampaherezana.

Ireo izay nihaino azy ireo ka nanaiky ny hafatra nentiny dia nahazo tombontsoa lehibe tokoa.

Toy izany no nitranga tamin'i Asa (2 Tant. 15:1-8); Josafata (2 Tant. 20:14-23); na Amazia (2 Tant. 25:7-10) ohatra.

Saingy indrisy! Tsy toy izany no fironana ankapobeny ny vahoaka Isiraely. Matetika loatra no nolavina ny hafatra nentin'ny mpaminany. Ankehitriny, dia mbola miteny amin'ny alalan'ny mpaminaniny ihany Andriamanitra.

Ahoana no fandraisako ny hafatrany?



- Fandavana ny mpitondra hafatra
- Fandavana ny hafatra
  - Fanaovana tsinontsinona
  - Fiziriziriana
  - Fihatsarambe latsihy
- Fampiharana

FANDAVANA NY MPITONDRA HAFATRA



"Dia nimonomonona tamin'i Mosesy sy Arona ny Zanak'Isiraely rehetra [...] Ary Josoa, zanak'i Nona, sy Kaleba, zanak'i Jefone, izay isan'ny nisafo ny tany, dia nandriatra ny fitafiany: ary niteny tamin'ny fiangonana, dia ny Zanak'Isiraely rehetra, izy roa lahy [...] Fa hoy ny fiangonana rehetra: Torahy vato izy roa lahy" (Nomery 14:2-10)







Teo am-bavahadin'ny tany nampanantenaina, nirahina hisafo tany ny mpitsikilo. Ny tatitra naton'izy ireo dia milaza fa tsara ny tany araka izay nolazain'Andriamanitra (Nomery 13:27). Saingy nisy hafatra mahakivy koa nanampy izany (Nomery 13:28, 31). Dia niteny tamin'ny alalan'i Kaleba Andriamanitra hampahery azy ireo mba hambabo ny tany (Nomery 13:30). Rehefa avy nandany ny alina nisaintsaina ny vahoaka dia nanapa-kevitra: handa ireo mpitondra hafatr'Andriamanitra izay nitarika azy ireo (Nom. 14:1-4). Rehefa namerina teny fampaherezana ho azy ireo i Josoa sy Kaleba, dia nanapa-kevitra ny hitora-bato azy ireo ny vahoaka (Nom. 14:6-10).

Taty aoriana, dia maro ny mpitondra hafatra nolavina (2 Tant. 25:15-16; Amosa 7:10-13).

Inona no anton'ny fandavana? Tsy mifanaraka amin'ny zavatra andrandrain'izy ireo ny hafatra nentiny avy tamin'Andriamanitra, na koa tsy te hiala amin'ny fomba fiaina feno fahotana iainany izy ireo.



FANDAVANA NY HAFATRA



FANAOVANA TSINONTSINONA

"Ary nony efa namaky toko telo na efatra Jehody, dia notapatapahin'ny mpanjaka tamin'ny antsipika ny horonan-taratasy ka natsipitsipiny teo anaty afo teo am-patana, mandra-pahalevon'ny afo azy rehetra teo am-patana" (Jeremia 36:23)

Latsaka anaty fahotana tanteraka ny olona, tamin'ny andron'i Joiakima mpanjaka. Nibaiko an'i Jeremia Andriamanitra mba hanoratra horonan-taratasy mirakitra hafatra ara-paminaniana mba hampitandremana ny mpanjaka sy ireo mpanolo-tsaina azy ka hitarika azy ireo hibebaka amin'ny lalany ratsy (Jer. 36:1-3).



Saingy, notsinotsinoavan'i Joiakima ny hafatra ary nopotipotehany ka nariany tao anaty afo, na dia nisy olom-bitsy ihany aza nitalaho taminy tsy hanao izany (Jer. 36:21-25).

Valin'izany, dia faminaniana mafy kokoa no notononina ho an'i Joiakima, ary naverina nosoratana indray ilay hafatra nopotehina teo sady mbola niampy (Jer. 36:27-31).



Mety hihevitra isika fa raha tsy mamaky Baiboly, dia afaka manao izay rehetra tiantsika atao ary manao fiainana milamina. Saingy, raha ataontsika tsinontsinona ny fampitandremana avy amin'Andriamanitra, dia hijinja ny vokatry ny fahotantsika sy ny faharatsiantsika isika.



F I Z I R I Z I R I A N A

"Ary nikomy tamin'i Nebokadnezara mpanjaka izay efa nampianiana azy tamin'Andriamanitra koa izy; ary nanamafy ny hatony sy nanasarotra ny fony izy mba tsy hiverina ho amin'Andriamanitry ny Isiraely."
(2 Tantara 36:13)



Ny mpanjaka faran'i Joda – Zedekia, dia nanao fianianana tamin' i Babylona, saingy notapahiny izany fanekena izany. Nandà tsy nanaiky ny hafatra fampitandremana avy tamin'Andriamanitra nampitondraina an'i Jeremia izy (2 Tantara 36:12).

Rehefa nanodidina an'i Jerosalema ny miaramilan'i Babylona, dia niantso an'i Jeremia i Zedekia mba hanome azy hafatra avy amin'Andriamanitra (Jer. 38:14).



Mazava ny hafatra: mibaboka amin'i Babylona no hahavoavonjy ny ainao, sy i Jerosalema. (Jer. 38:17-23). Saingy nolavin'i Zedekia ny hafatra. Nitarika ho amin'ny faharavan'i Jerosalema ny hamafin'ny hatony. (2 Tant. 36:13).

Nandritra ny iraika ambin'ny folo taona no nampitan'Andriamanitra hafatra mifono fanantenana ho azy raha manaiky mibebaka sy manova ny fitondran-tenany izy. Nisy fotoana, mba nandray tsara ny hafatra izy, saingy tsy naharitra ny fanavaozana nataony (Jer. 34:8-11).



FIHATSARAMBELATSIHY

"koa amin'izany, izay rehetra lazainy dia ataovy ka tandremo; fa aza mba manao araka ny asany, satria miteny ihany izy, nefa tsy manao."
(Matio 23:3)



Nahoana ny Fariseo no lazain'i Jesosy ho mpihatsaravelatsihy?

Satria hafa ny lazainy ary hafa ny ataony (Mat. 23:3)	Satria mampitondra entana mavesatra ny hafa izy, nefa izy tenany tsy mety mitondra izany (Mat. 23:4)	Satria fisehosehoana avokoa izay ataony rehetra, mba ho hitan'ny olona (Mat. 23:5)
Satria tia voninahitra izy, nefa tsy manaja ny hafa (Mat. 23:6-7, 11-12)	Satria midera ny mpaminany izy, nefa tsy vonona ny hankato ny hafatra nentin'izy ireo (Mat. 23:29-31)	Satria milaza azy ho manompo an'Andriamanitra izy, nefa mikasa ny hamono izay mitondra ny teniny (Mat. 23:34)

Nosoratana ny tenin'i Jesosy ny amin'ireo Fariseo mpihatsaravelatsihy ireo mba tsy hanarahantsika ny ohatrany, ary mba hialantsika amin'ny fitondran-tena na fisainana izay mitarika antsika handà ny hafatra omen'Andriamanitra antsika.

FAMPIHARANA



"Ary izany dia nanjo azy mba ho anatra, sady voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan'ny faran'izao tontolo izao"
(1 Korintiana 10:11)



"Izay manadino ny lasa dia tsy maintsy hamerina izany" (George Santayana).

Tsy tokony hatao tsinontsinona na hohadinoina ny tantaran'ny fanandraman'ny olombelona tamin'ny lasa, na tsara izany na ratsy.

Matetika ny lasa no fampidirana ho amin'ny ho avy. Amin'ny alalan'ny lasa no hahatakarantsika izay miseho ankehitriny sy hahafantarantsika izay hiseho amin'ny ho avy.

Tsy voatery hamerina ny fahadisoan'ny taranaka teo aloha isika raha toa ka mihaino ny Soratra Masina sy ny ny hafatra omen'Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ireo mpaminaniny (1 Kor. 10:11).



"Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra ianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo." (2 Tantara 20:20)

“Mbola manjaka amin'izao andrantsika izao ihany koa izany toe-tsaina mikomy amin'ny faniniana izany, izay nahatonga fanenjehana sy fampidirana am-ponja an'i Jeremia. Endrey, ny hamaroan'ny olona mandà hihaino ireo fampitandremana averimberina aminy! Aleony mihaino ny mpampianatra sandoka izay mandrotsirotsy ny fizahozahoany amin'ny teny feno fandokafana ataony, hany ka mikorosy eo amin'ny fitondrantena ratsy izy. Mandritra ny androm-pahoriana, dia tsy hahita fierena ireny olona ireny, ary tsy hisy famonjena ho azy mihitsy avy amin'Andriamanitra. Fa ireo mpanompon'Andriamanitra kosa dia hahatanty amin-kerim-po sy amim-paharetana ny fitsapana sy ny fahoriana hihatra aminy noho ny faniniana nataony sy ny tsy fiheverana azy ireo ary ny filazana lainga atao aminy. Hanohy hamita amim-pahatokiana ny asa nampanaovin'Andriamanitra azy izy ireo, ary hotsaroany fa ireo mpaminany fahiny sy ny tenan'ny Mpamonjy mihitsy ary ireo Apostoly, dia samy hiharan'ny fanevatevana mbamin'ny fanenjehana koa noho ny fitiavana ny Teny masina.”

EGW (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 356, 357)

FIANARANA FANAMPINY: NY FAHITAN'I ELLEN G. WHITE





Ny fahitana izay noraisin'i Ellen G. White ary natrehan'ny olona maro dia nahitana fanehoana ny herin'Andriamanitra: tsy niaina izy; tsy mikipy ny masony; tsy mahalala na inona na inona momba izay mitranga manodidiana azy izy; ...

Na dia nisy aza ny niampanga azy ho nanao fampatoriana ny saina (self-hypnose), dia tsy izy no nametra ny fotoana hahitany fahitana, na ny faharetan'izany.



Tamin'ny fotoana nandraisan'i Ellen fahitana, dia nanasa ireo izay nanatrika teo i James White mba hizaha azy hisorohana ny fisalasalan'ireo mpanohitra azy ny amin'ny fiavian'ny fahitany, ary koa hampaherezana ireo nino azy.

Gaga Ireo izay niampanga azy ho nanao self-hypnose rehefa nahita fa tsy niaina tokoa izy ka nilefa tamin-tahotra teo amin'ny toerana nitrangan'ny fahitana.